# Mofonaina Talata 09 Jolay 2024 – Marka 6,7-13

**1. NY BOKY:**

- Efa voaresaka tany aloha .

**2. FAMARITANA NY TEKSTA:**

- Ny eo aloha dia Jesoa tao Nazareta sy ny fandavana Azy (Marc 6,1-6).
- Ny aoriana dia ny Namonoana an'i Jaona Mpanao Batisa (Marc 6,14-29).
- Anatin'ny fotoam-panofanana ny mpianatra ny Tompo, ity no fanirahana voalohany taorin'ny fanendrena (Marc 3,13;14).

**3. IREO VOAMBOLANA MANAN-DANJA:**

**21. Niantso:**

- Manasa, "Fiarahana na fiombonana aina" Rom 1.7, Rom 8.30.

**22. Naniraka / Apostello:**

- Apo: Fiaingana.
- Stello: Fanomanana, fampitaovana, fanirahana.
- Mandefa lavitra: maniraka hiala na handeha.

**23. Tsiroaroa (roa):**

- Vavolombelona (Deu 19.15): Ny tany sy ny lanitra (Deu 30,19), Jaona sy Maria (JK) sns.
- Tsy an'olontokana ny fitoriana ny Filazantsara.

**24. Fahefana:**

- "Exousia": Vaika na hery.

- Fahefana apetraky ny lalàna: avy ivelany fa tsy avy ao anaty. Tsy ny hery na finiavanao.

**25. Tehina:**

- Fandrefesana sy fitaovana handehanana: Sarin'ny Tenin'Andriamanitra.

**26. Kapa:**

- Fanehoana fahavononana sy fahavitan'ny fiomanana, fiondrehana koa (Ex 3.5 + Deu 29.5 + Eph 6.15).

**27. Akanjo roa:**

- Aza manao fitan-droa (Toetra roa).

**28. Fibebahana:**

- Fiovam-po sy fiainana lalina: Fiaiken-keloka sy fangatahan-pamelana ary fiovana.
- "Metanoia": Olona mahazo tsara ny momba azy ary maneho fahavononana hiova lalana (Ny Tsindretsa sy angidina).

**29. Vavolombelona / Martiora:**

- Mpanamarina.

**30. Diloilo**

<u>FAMPIHARANA FITO</u> **: M.I.T.O.R.I.A**

1. <u>M</u>andehana : Tsarovy fa voalohan'asan'ny Fiangonana ny fitoriana ny Filazantsara (Marc 6. 7).

2. **<u>I</u>**tokio ny Tompo : Amaivano ny tenanao (Marc 6. 8-9): Miankina amin'Andriamanitra ny fahombiazanao.

3. **<u>T</u>**ena hisy trano hivantanana ianao : Aza misalasala miantrano aman'olona (Marc 6. 10).

4. **<u>O</u>**lona manan-tsafidy isika : Aza kivy amin'ny fandavan'ny olona. Mety hisy izany. Ny mitory no anjaran'ny Fiangonana

(Marc 6. 11,12).

5. **<u>R</u>**ehefa nibebaka ianao dia ampibebaho ny hafa : (Mar 6. 12).

6. **<u>I</u>**masoy ny maha olona : Vatana, Saina, Fanahy, Fihetseham-po (Marc 6. 13).

7. **<u>A</u>**za misalasala intsony : Miaraha mitory, mandehana tsiroaroa (Marc 6. 7,12).